View metadata, citation and similar papers at core.ac.uk
brought to you by CORE
provided by ScholarSpace at University of Hawai'i at Manoa

# Ny Fampiasan'ny Mponina Ny Zavamaniry Azo Atao Sakafo

Juliette Velosoa

## Fampidirana

Miseho amin'ny endrika samihafa ny fifandraisan'ny olombelona amin'ny zavamaniry. Ity fanadihadiana ity dia mamaritra ny fifandraisan'ny mponina sy ny zavamaniry azo atao sakafo tao amin'ny tanàna Sahamamy, fokontany Morarano, kaominina Mahavelona, faritany Toamasina.

## Tanjona

Ny tanjona nokendrena tamin'ity fanadihadiana ity dia ny famantarana ny fampiasan'ny mponina ny zavamaniry azo atao sakafo.

## Fomba Nanatanterahana Ny fanadihadina

Rehefa tonga tamin'ny toerana nanaovana ny fanadihadiana dia nazavaina tamin'ny mponin'ny tanàna notsidihina amin'ny ankapobeny ny anton-dia, ny tanjona ary ny hevitra tiana ho azo amin'ny fanadihadiana izay atao. Vita izay dia niroso tamin'ny resadresaka izay natao tamina vondron'olona maromaro (lahy, vavy, tanora sy zokinjokiny) ny fanadihadiana. Fametraham-panontaniana moa no nitondrana ny resadresaka sy nanangonana hevitra ka ireto manaraka ireto ny fanontaniana napetraka tamin'izany:

- Inona avy ireo karazan-jamaniry misy?
- Aiza ny toerana misy azy?
- Inona ny vanim-potoana hisian'ny vokatra?
- Ahoana ny habetsaky ny vokatra azo ampiasaina
- Avy aiza ireo vokatra?
- Ahoana ny fiverimberenany?
- Iza ny mpaka ireo vokatra: ny lehilahy, ny vehivavy sa ny tanaro na zaza?

## Vokatra Ny Fanadihadiana

Raha ny vokotra azo dia azo sokajiana roa ny zavamaniry ampisaian'olona ao Sahamamy. Ny sokajy voalohany dia ireo zavamaniry avy any an'ala na atao hoe "dia" na "dy" ary ny faharoa dia ireo izay volena ao an-tanàna na ny manodidina azy.

### *Zavamaniry dy*

Ny zavamaniry dy dia azo sokajina telo: ireo azo atao rô, ireo izay hanaovana zava-pisotro ary ireo hanimboa.

A. Zavamaniry azo atao rô.

Misy iraika ambinifolo (11) ny zavamaniry azo atao rô izay azo sokajiana telo karazany:

- ireo ahazoana ôvotro: ny fontsy, ôvo-dafa, ôvo-jofo, anivony.
- ireo izay azo andrahoana ny raviny: anamamy, anandengo, bongapiso, anampengoka, vakiana, ambolotata.

## Correspondence

Juliette Velosoa, Durelle Wildlife, BP 8511, Antananarivo 101, MADAGASIKARA.
dw.madagascar@durell.org

Ethnobotany Research & Applications 3:369-374 (2005)

http://hdl.handle.net/10125/193

- ireo izay manome felany azo atao sakafo: hasina.

B. Zavamaniry azo hanimboa
Misy roa ambininfolo ireo karazana zavamaniry voalaza fa azo hohanina ny voany. Ny fanamarihana anefa dia misy ireo voanjamaniry tsy maintsy handrohoana vao afaka hohanina ary misy ireo tonga dia azo hohaniny amin'izao rehefa matoy na masaka eny am-potony.

- Mila handrahona: via
- Hanimboany rehefa masaka ampotony: voangy dy, manga dy, goavy, voapaka, voantalagnana, varobary, varobe, bongamposy, voatrotroka, voandroy ary ny voambarika.

C. Ny hahazoana zava-pisotro
Ny fanadramanana ny karazan-kazo avy an'ala hahazoana zava-pisotro. Ny raviny no ampangotrahina ary ahazoana ny atao hoe "dite".

***Zava-maniry ambolena***

Zavamaniry atao rô

Misy telo ambinifolo (13) karazana ny azo atao rô izay azo sokajina ho telo:

- Ireo izay ny raviny no atao anana: anamalao, ravintsaonjo, ravimangahazo, ravintaboara.
- Ireo manome voamaina: tsidimy, tsaramaso, tsiasisa, voantsoroko, voemba.
- Ireo manome voa : vapaza, papangay, ambarabajiny, taboara, concombre.

Zavamaniry atao foto-tsakafo

Misy folo (10) karazany izy ireo ary ny voalohany amin'izany dia ny vary. Ny ankoatran'ny vary dia misy ny mangahazo, tsomanga, saonjo, akondro, ovibe, tsakotsako, saonambo ary ampalibe izay fanampin-tsakafo amin'ny fotoana mampisy vary ary lasa foto-tsakafo mandritry ny silaono.

Voankazo
Misy ireo zavamaniry manome voa izay sady azo atao foto-tsakafo no azo atao rô na azo hanina amin'izao rahefa masaka.

- voankazo tsy mila handroana fa tonga dia hohanina amin'izao: voasary, lentisy, makoba, voatsokiny, zano.
- voankazo sady azo handrahoana no azo hohanina amin'izao: vapaza, ampalibe, voanio



**Tabilao 1**. Ireo zavamaniry ampisain'ny mponina ao amin'ny tanàn'i Sahamamy.

| Anarana | Vanim-potoana | Toerana | Ny ilaina | Habetsahany | Fiverenany | Ny mpaka |
|---|---|---|---|---|---|---|
| **Zavamaniry dy, ro** | | | | | | |
| Fontsy | Mandavantaona | savoka | ovaka | 1 na 2 | 1/ herinandro | Lehilahy (L), Vehivavy (V), Zaza (Z) |
| Via | Aprily-Jolay | honahona | voany | 4 voa | 1/herinandro | V |
| Ovodafa | Volambao, Mandavantaona | ala | ovaka | 1 | 1/volana | L |
| Anivony | Volambao | ala | ovaka | 1 | 1/2volana | L |
| Hasina | Desambra; Aprily-Jolay | savoka, tavy | folera | I vodiny | 2-3/herinandro | V |
| Anamamy | Marsa-Aprily | tavy | raviny | | 3-4/herinandro | V |
| Ananadengo | Mandavantaona | savoka, ala | raviny | | 1/herinandro | V |
| Bongamposy | Mandavantaona | savoka | ravina, voany | | 1/herinandro | V, Z |
| **Voankazo** | | | | | | |
| Voangy dy | Marsa-Mey | savoka, amoronala | voany | 4-10 | 2/herinandro | L, V, Z |
| Goavy | Nov-Aprily | ala, savoka | voany | 1 haronkely | 3/herinandro | Z, L,V |
| Voantalagnana | | ala | voany | | 1/herinandro | Z |
| Voapaka | | | voany | | Indraindray | Z |
| Varobary | Nov-fev | savoka, ala | voany | | | Z |
| Varobe | Nov-fev | morondrano | voany | | indraindray | |
| Manga dy | Oct-Dec | savoka | voany | haronkely | 2/herinandro | Z |
| Voatrotroka | Mandavantaona | savoka | voany | | 1/herinandro | Z |
| Voandroy | | tanàna | voany | | ½ indraindray | Zaza |
| Vavontaka | | morondrano-masina | voany | | 1/volana | L, V, Z |
| Hazompandra-mana | Mandavantaona | ala | raviny | 1 rantsana | 1/volana | L |
| **Hazo ambolena** | | | | | | |
| Rô | | | | | | |
| Vapaza | Mandavantaona | savoka | voany: lasary, ro, masaka | 2 | ½ herinandro | V |
| Papangay | Mandavantaona | | voany | 2-4; 1 harona/ vodiny | 1/herinandro | V |
| Ambarabajiny | Mars-Aprily | | voany | | | V |
| Taboara, Tavomanga | Avril-Novembre | tanimbary | raviny, voany madinika, voany matoy | | 1/herinandro | V |
| Concombre | Jiona-Septembre | tanimbara | voany: la-sary, ro | 2- 4; 2 haro-na/vodiny | ½ herinandro | V |



- zavamaniry ahazoana zava-pisotro: kafe, fary

***Ny fiavian'ny vokatra***

| Anarana | Vanim-potoana | Toerana | Ny ilaina | Habetsahany | Fiverenany | Ny mpaka |
|---|---|---|---|---|---|---|
| Tsidimy | Jolay | tanimbary | voany | 2 kp;<br>4 harona/ vodiny | 2/herinandro | V |
| Tsaramaso | Mey-jolay | tanimbary | | | | V |
| Tsiasisa | Mey | tanimbary: miaraka ami-na vary | | tsy dia vo-katra | 2/herinandro | V |
| voantsoroko | Jolay | tanimbary | | tsy dia vo-katra | 1/herinandro | V |
| voemba | Mey-Jiona | tanimbary | | | | V |
| Anamalao | Marsa-Jolay | tanimbary | | | 1/herinandro | |
| **Sakafo 3/herinandro** | | | | | | |
| Mangahazo | Oct | tanimbary, tanimboly | vodiny | | 4/herinadro | V |
| Tsomaga | Amboly: Aprily-Jolay: Aogo-okt | tanimboly | vodiny | | 1/isan'andro | V, L |
| Saonjo | Jiona | | vodiny | | 3 /herinandro | V |
| Akondro | mandavanaona | tanimboly, antanàna | voany, an-drahona manta, masama-saka, na masaka | | 3/herinandro | V, L |
| Vary | Nov-Dec: vary aloha; Juin: vary afara | savoka, konkana | voany | 30 helitra 15-30gony | Isan'andro, 15-30 gony | V, L |
| Saonambo | Marsa-Mey | tanimboly | | | 1/andro, 1-6 harona/ vodiny | |
| Ambalibe | Nov-Aprily | tanimboly, tanàna | andraho-na, haninana masaka | | 1/herinandro; | V, L, Z |
| Tsakotsako | Aprily-Mey | miaraka amin'ny vary | voany | | 1/andro; | V, L |
| **Voankazo** | | | | | | |
| Lentisy | Nov-Dec | tanimboly, tanàna | voany | 10-50garaba/ vodiny | Isan'andro, | V, L, Z |
| Voangy | Marsa-Aprily | tanimboly | voany | 4 –10 harona /vodiny | 1/andro, | L,V,Z |

Ny ankamaroan'ny karazan-javamaniry izay voatanisa etsy ambony dia vokatry ny tanin'ny isan-tokantrano na alaina eny amin'ny manodidina. Indraindray dia tsy ampy ny vokatra vokarin'ny tonkantrano sasany na koa mbola vokatra ny nafafy ka voatery mividy amin'ny mpiray tanàna na amin'ny tanàna manodidina ny ataon'n'ireo izy ireo. Ny vary sy ny voamaina kosa anefa dia matetika vidina amin'ny toerana lavidavitra toy ny any Mahavelona raha sedra tsy misy intsony eny mpiara-monina manodidina.

***Ny fomba sy fotoana fambolena***

Ny vary izay foto-tsakafon'ny Malagasy dia misy karazany roa: ny vary an-tanety (an-tsavoka) ary ny vary an-koraka na an-konkana. Ny fotoam-pambolena azy koa dia mizara roa toy izay koa: ny vary aloha izay hambolena ny volana septambra – oktobra, sangorina na jinjaina ny volana novambra-desambra ary ny vary afara izay hambolena ny volana desambra ary vokatra ny volana mey sy jona.

Ho an'ny voly havotra toy ny voamaina, mangahazo, tsakotsako dia hambolena miaraka amin'ny vary an-tanety ny ankamaroany. Kanefa na dia izany aza dia misy ihany koa ny fambolena tsy miaraka amin'ny fambolembary. Ny mangahazo ohatra dia hambolena amin'ny volana aogositra sy septambra, ny tsomanga kosa dia ny volana aprily, ny tsakotsako dia ny volana desambra ka vokarina ny volana martsa sy aprily. Misy koa ireo voly havotra izay azo hambolena mandavan-taona. Ny voly maharitra dia hambolena indray mandeha isan-taona fa ny fotoam-pahavokarany no miovaova arakaraka ny karazany.

***Fotoam-pamokarana***

Ny vokatra dia miakatra amin'ny fotoana samihafa. Ny ankamaroany dia amin'ny volana jona sy jolay. Na dia izany aza anefa dia hita fa mifandimby ny fotoana fahavokaran'ireo zavamaniry azo atao sakafo ka izay no ahafahan'ny mponina mampifandimby ny sakafo ny karazan-tsakafo hohaniny.

Ny mpaka na mpamokatra

Raha ny fakana na famokarana ireo zavamaniry indray no asiana resaka dia samy mandray anjara ny sokajintaona rehetra: zaza, tanora, zokinjokiny, na ny lehilahy na



ny vehivavy. Ny voankazo dy dia ny zaza no tena mpaka azy, ny rô dia ny vehivavy. Raha mila ezaka mafimafy ny fakana ny vokatra na mila ny fandehanana an'ala dia ny lehilahy no manao ny asa. Ny asa eny an-tanimboly sy an-tanibary dia mifanampy ny rehetra manao azy (Tabilao 1).

## Famaranana

Maro karazana ny zava-maniry azo atao sakafo izay ampiasain'ny mponin'ny Sahamamy. Ao ny vokatry ny tanimboliny, ao ny raisiny amin'ny toerana manodidin'azy, ary ao ny zavamaniry an'ala na dy. Mampihena ny vola mivoaka amin'ny tokantranon'ny tsirairay ny fisian'ny zavamaniry azo atao sakafo misy eny amin'ny manodidina ny tanàna. Tena ilainy ny sakafo azo avy amin'ny zavamaniry satria na dia misy aza ny zavatra hafa azony atao rô toy ny trondro izany na ny hena dia indraindray ihany no hihinanany an'io fa ny sakafo avy amin'ny zavamaniry no matetika ny andrin-tsakafony. Misy anefa ny olana eo amin'ny mponina ao Sahamamy satria tsy ampy ny vokatra vary izay foto-tsakafony. Ny miteraka ny tsy fahampian'ny vokatra vary moa dia ny fahasarotan'ny asa atao sy ny tsy fahampian'ny fitaovana ary ny vola enti-miasa.

Amin'ny fampiasana ny zavamaniry dy, dia ny fakana ny ôvotro amin'ny zavamaniry anaty ala no mametraka olana satria efa somary vitsivitsy ireo zavamaniry akana ôvotro. Miteraka fahafatesana tanteraka an'ilay zavamaniry ny fakana ny ôvotro. Noho izany dia mila fitandremana ny fakana ny ôvotro satria mety handringana ny harena voajanahary, izany hoe tokony ferana ny fakana ny ôvotro.

## Fisaorana

Fisaorana eram-po sy eran-tsaina no atolotra ho an'ny mponina ao amin'ny tanànan'ny Sahamamy, na ny vehivavy izany na ny lehilahy, na ny lehibe na ny zaza; ary eto dia isaorana manokana Andriamtoa Jean Claude, Razaka Emanuel, Justin, Bany, Sampy, Monica, Rasoa, Angeline, Jacqueline, Rodin ary Claudia izay nanaiky nanaovana ny fanadihadiana. Misaotra betsaka an'izy ireo koa tamin'ny fandraisana, tamin'ny resadresaka nifanaovana, tamin'ny fanomezana fampianarana, tamin'ny fitarihana tany anaty ala. Manolotra fisaorana lehibe koa ho an'ny MBG sy KNARP izay niantso anay ary nikarakara nanatontosa ny fampianarana, na ara-pitaovana izany na ny ara-bola. Ary farany dia isaorana manokana ny mpampiofana roa avy amin'ny Université Hawaii dia ny Profesora Will McClatchey sy Ramatoa Lisa Gollin izay tsy nikelisoroka nanolotra ny fahalalana mikasika ny fifandraisan'ny olombelona sy ny zavamaniry.